## Fifidianana filohampirenena
## Kandidà 16 amin'ny 36 milaza ny tokony hanemorana ny fifidianana 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 6 septambra 2018 Laharana 810 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**RF2 sy AUE Boriboritany faha-6** 5

### Nahazo fitaovana samy hafa avy amin'ny ONG Positive Planète

**Kandidà Ravalomanana N°25, Imerintsiatosika** 2 8

# Manana ny hoenti-manana ary efa vonona hatramin'ny ela amin'ny fifidianana



**KARDINALY TSARAHAZANA** 3

### Tsy manohana kandida filohampirenena ny katolika



**Tranga** 7

### Tsena may, tsy nisy azo noraisina ny entana namidy

**Ampanihy Andrefana** 7

### Kitozan-tsokatra miisa 300 sy sokatra velona tratran'ny zandary

**Fifidianana** 3

### Tafatsangana ny komity mpandrindra ny KMMR Ivato

**Daka kely**

Ambohidahy, mbola ampianarina mandroba ihany ve ny olona ry Boaikely a !

**Baolina lavalava** 5

### Natolotry ny USCAR ny ben' ny tanàna ny amboara azony



KANDIDÀ RAVALOMANANA N°25, IMERINTSIATOSIKA

# Manana ny hoenti-manana ary efa vonona hatramin'ny ela amin'ny fifidianana

Nihaona tamin'ny vahoakan'Imerintsiatosika distrikan' Arivonimamo indray omaly ny kandidà Ravalomanana Marc N° 25, tao aorian'ny tany Ambohimalaza Avaradrano afak' omaly. Tamin'izany no nanambaran'i Dada fa manana ny hoenti-manana amin'izany fifidianana filohampirenena ho avy izany izy sy ny mpanohana azy maneranaa ny Nosy sy ny avy any ivelany ihany koa, efa hatramin'ny ela ihany koa izy no vonona hiatrika izany fifidianana izany araka ny nambarany hatrany. Naneho ny alahelony izy tamin'ny habibiana nitranga tao Imerintsiatosika izay namonoana olona telo mi-anaka. Ny anton'ireny tranga ireny dia fialona-na, ny fandraisana zava-mahadomelina, ny tsy fandriampahalemana amin' ny ankapobeny. Kandidàn'ny vahoaka malagasy aho, hoy izy, ka hampiasa ny fahaizako sy ny herin-tsaiko : hahatonga ny olona rehetra hisakafo, ho salama ka ho afaka hiasa sy hamokatra ary hanana asa. Tsy maintsy homena hasina ny maha olona na inona na inona toerana misy



azy eo amin'ny fiarahamonina. Tsy maintsy haverina ny fitsinjaram-pahefana ka ho olona mamim-baho-aka no ho lany manomboka hatrany amin'ny fokontany. Araka izany dia hampiana ny olomboafidy ka homena fahefana sy fitaovana : ma-ndrafitra tetikasa, manatanteraka ny asa mifanandrify amin'izany. Namafisin'ny ben' ny tanàna, Rabevolombava, fa mijaly ny kaominina eo amin'ny resaka : " subvention", nizarana « moto » ny ben'ny tanàna tamin'ny andron'i Dada kanefa amin'izao foto-ana izao dia izay mitovy hevitra amin'ny mpitondra ihany no mahazo. Mijaly koa ny vahoaka noho : ny tsy fandriampahalemana ; ny fibodoana ny taniny ataon' ny vahiny toy ny any Soamahamanina ; ny haratsian'ny làlana, ny firaisana trano amin'ny biby fiompy satria raha vao havela any ivelany dia lasan'ny jiolahy. Notsindrian'ny kandidà Ravalomanana Marc fa : tsy maintsy hovaina ny toetsaina ; tsy maintsy mandroso sy miara-miasa ; tsy main-tsy mifampita vaovao momba ny olana rehetra ka anjaran'i Dada no mitady ny vahaolana ; tsy maintsy vahana ny olan' ny mpa-mpianatra ka homena ny fitaovana ilainy izy ireo hahafahany manabe ny ankizy malagasy izay beazina ho taranaka vanona ; tsy maintsy hampiakarina ny sandam- bola malagasy satria tsapa fa sahirana ny vahoaka amin'ny fampiasana ny vola roa alina (20 000Ar) . Nanafoana ny trosan'i Madagasikara i Dada tamin'ny taona 2005 kanefa amin'izao fotoana izao dia ny trosa no betsaka noho ny eo an-tànana. Ny tanjona dia ny fampandresena an'i Dada ka rehefa mandresy i Dada dia mandresy ny vahoaka malagasy. Arak'izany hoy izy, manàna fahasahiana, manàna finoana ary mila mihetsika isika ka hamarino ny lisi-pifidianana.

***Andry Tsiavalona***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mampanahy ny zava-misy eto amintsika, mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana

**Mampanahy ny maro ihany ny zavatra hitranga eto Madagasikara aloha, mandritra ary aorian'ny fifidianana, izay kasaina hatao eto amin'ny firenena ny 7 novambra ho avy izao . Mialoha ny fifidianana dia efa miseho lany ny tsy fitovian-kevitra etsy sy eroa , ka na ny kandida ao anaty lisitry ny mpihazakazaka ho filohampirenena aza dia mitambatra mangataka ny hanemorana io datim-pifidianana io satria maro be hoy izy ireo ny zavatra tsy manjary amin'ny fikarakaràna izany, ka mety hampisy korontana eto amin'ny firenena indray . Misy indray ireo efa vonona dia vonona hiatrika fifidianana izay efa manao fampielezankevitra mialohan'ny fotoana mitety an'i Madagasikara mizara vola, mandany volabe tokoa, sns... Ka na inona na inona tsy fahatomombanana misy dia fifidianana handrombahany ny fahefàna no masaka ao an-tsainy . Io kandida io anefa no tena mahabe resaka satria mpanongam-panjakàna dia tsy mendrika hitondra firenena . Ny filoha Marc Ravalomanana vonona hiatrika fifidianana, saingy kosa tsy hanaiky mora izay zavatra tsy mety amin'ny fikarakaràna io fifidianana io izy , aleo andeha araka ny fahamarinana fa izay no hampisy filaminana eto amin'ny firenena araka ny ambarany hatrany . Ny vahoaka Malagasy izay efa miaina ao anaty fahantrana lalina nandritra ny 9 TAONA indray dia miandrandra mafy mba hitondra filaminana eto amin'ny firenena ny fifidianana ho avy io fa tsy sanatria hanjakan'ireo efa nanapotika sy nandrava indray .**

***Helisoa***

DisTim boriborintany voalohany

# Hanao fanadiovana faobe amin'ny Sabotsy

Mila manao asa sosialy ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), hoy ny filohan'ny DisTim ao amin' ny boriboritany voalohany eto Antananarivo renivohitra, Rakotomamonjy Philippe satria fanambin'ny fiLoha mpanorina Marc Ravalomanana io. Arak'izany dia hanatanteraka fanadiovana faobe eny Antohomadinika Centre ny sabotsy maraina izao ny antoko Tiako i Madagasikara tarihan'ny filohan'ny DisTim boriboritany voalohany eto Antananarivo renivohitra. Tokony hatsiaro tena ny tsirairay hoy izy ka mendrika ny hadio Antananarivo sy ny manodidina , satria taratry ny fahombiazana amin'ny fitarihana sy ny fandrosoana izany. Mila fanarenana i Madagasikara izay latsaka an-katerena hoy izy ka ny antoko Tim no loha-laharana amin'izany fitarihana izany araky ny teny filamatry ny filoha Marc Ravalomanana hoe : mpanorina fa tsy mpandrava isika. Tsy mijanona eo ihany fa hitohy amin'ny fokontany samihafa ao amin'ny Boriboritany voalohany ity resaka fanadiovana faobe ity.



*Ny filohan'ny Dis-TIM Boriboritany I, Philippe Rakotomamonjy.*

***Rajo***

Fiainana antoko

# Tsy handray anjara amin'ny fifidianana ny antoko Teza

Manoloana ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, indrindra ny ho fiatrehana fifidianana filohampirenena ny 7 novambra ho avy, milaza ny heviny mahakasika izany ny filoha nasionalin'ny antoko Teza, Jean Louis Rakotoamboa. Nambarany fa tsy handray anjara sy tsy hanohana kandidà amin'izany fifidianana izany ny antoko izay tarihany. Nosoritany fa ny anton'izany dia satria tsy mipetraka ny fototra demokratika eto Madagasikara, tsy misy fitoniana eto amin'ny firenena, noho tsy fandriampahalemana miseho lany. Ny fampahafantarana mialoha ny kandidà, izay lasa fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana dia tsy mandeha amin'ny laoniny hoy ihany ity mpanao politika ity. Eo amin'ny hoenti-manana amin'izany fifidianana izany, indrindra ny ara-bola hoy izy dia tsy mitovy tantana ireo kandidà 36 hifaninana, tokony hisy hoy izy ny lalàna mametra ny vola tokony ho azon'ny kandidà hampiasaina mandritra izany fifidianana izany.

***Isambilo***



*Ny filoha nasionalin'ny antoko Teza, Jean Louis Rakotoamboa.*

Manjakandriana

# Nitsangana ny Talata teo ny KMMR

Taorian'ny fandalovan'ny kandida Marc Ravalomanana tany Manjakandriana ny alatsinainy lasa teo, dia nangataka ny fijoroan'ny Kmmr na Komity Mpanohana an'i Marc Ravalomanana tany an-toerana izy. Tsy niandry ela fa avy hatrany dia nidina tany antoerana ny talata teo ny mpandrindra ny Kmmr, Constant Raveloson sy ny solombavambahoaka voafidy tany an-toerana, Rakotonjatovo Anto Arilafa, ka nihaona tamin' ireo komity samihafa tany an-toerana. Nijoro ary ny Kmmr Manjakandriana ka 15 mianadahy avy any amin'ny faritra afovoany, atsimo sy avaratra no hitantana vonjimaika ny Kmmr Manjakandriana aloha, mandra-pahatongan' ny fifidianana filoham-pirenena ny 7 Novambre 2018 ho avy izao. Vonona ireto Kmmr Manjakandriana ireto ny hampandany ny kandida Marc Ravalomanana laharana faha-25 amin'ny fifidianana filoham-pirenena eto amintsika. Nambaran'ny mpandrindra nasionalin'ny Kmmr, fa ho avy ny toromarika samihafa amin'izay fampandaniana ny kandida Ravalomanana izay ary tsy maintsy hajoro ny rantsana samihafa eny anivon'ny fokontany samihafa ao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana. Tsy ao Manjakandriana ihany fa hisandrahaka manerana an'i Madagasikara ny fananganana ity rafitra Kmmr ity amin' ity taona ity satria efa mitety faritra samihafa ihany koa ny kandida Marc Ravalomanana ankehitriny.

***Rajo***

KARDINALY TSARAHAZANA

## Tsy manohana kandida filohampirenena ny katolika



Namoaka fanambarana ny kardinaly Mgr Desiré Tsarahazana manoloana ny fifidianana izay hatao afaka volana vitsy eto Madagasikara. Tsy manohana kandida ary tsy manana kandida ofisialy ho tohanana filohampirenena ny finoana Katolika araka ny nambaran' ity ray amandreny arapanahy ity. Koa raha misy mampiasa ny sariny na ny anarany hanaovana fitaovana fampielezan-kevitra dia tsy nahazo alalana tamin'ny Kardinaly Mgr Desiré Tsarahazana izany araka ny nambarany . Adidin'ny Malagasy hoy izy no mijery ny olona hitany fa hitondra fampandrosoana ny firenena sy hanasoa ny tanindrazana. Koa manainga ny vahoaka mba ho ao anaty fitoniana no hanaovana ny fifidianana eto Madagasikara hoy hatrany ny fanambarany .

***Helisoa***

Fifidianana

## Tafatsangana ny komity mpandrindra ny KMMR Ivato



*Ireo mpitarika ny KMMR Ivato.*

Tafantsangana ny faran' ny herinandro teo ny komity mpa-ndrindra ny KMMR: Komity mpanohana an'i Marc Ravalomanana, eny amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, ka ireto avy ireo komity mandrafitra izany : Mpandrindra: Rakotomalala Solofotiana; Mpandrindra lefitra : Randrianjatovo Émile , ny mpitantsoratra : Andriambololona , ny mpitambola : Raharimanana Alice , ny mpanaramaso ny vola : Andrianarison Nicole ary ny mpanolotsaina Ramatoa Mampianina, Ramatoa Michou, Ravonjisoa Charles Désiré . Vonona ireo komity mpandrindra ny KMMR eny Ivato amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy io, hampandany ny filoha Marc Ravalomanana ho filoha hitantana ny firenena indray. Mbola tsapan'izy ireo fa i Dada ihany no vahaolana eto amin'ny firenena, izay tafahitsoka ao anaty fahalovana ankehitriny noho ny nataon'i Andry Rajoelina mpanongam-panjakana, sy ny filoha Hery Rajaonarimampianina mpampiesona.

***Helisoa***

Kandidà Ravelonarivo

## Nangatsiatsiaka ny nandraisan'i Faradofay azy

Ny kandida Ravelonarivo nifamotoana tamin' ny vahoakan'i Taolagnaro tamin'ity herinandro ity. Tsy arak'ireo fihetsiketsehan'ireo mpomba azy ny fandraisan'ny vahoakan'i Taolagnaro ny kandida ny Jeneraly Jean Ravelonarivo sy ny ekipany. Vitsy ihany ireo namaly ny fanasana. Tao amin'ny kianja fanaovam-baolina Ampasamasay ny fihaonana. Any atsimo izy sy ireo ekipa mpiaradia aminy.

Nampanantena ny kandida ny jeneraly Jean Ravelonarivo fa haverina amin'ny laoniny ny fandriampahalemana, ny ady amin'ny kolikoly,... Tsy ho anisan'ny firenena gisitra sy mahantra intsony i Madagasikara hoy izy tamin'izany, nisongadina tamin'ny lahateniny ireo. Ao aorian'i Taolagnaro, hifamotoana amin'ny vahoakan'Androy ity kandida iray ity.

***Mangarahara***



*Ireo hany nanatrika ny fihaonan'ny kandidà Ravelonarivo, tamin'ny vahoakan'i Faradofay.*

Fifidianana filohampirenena

## Kandidà 16 amin'ny 36 milaza ny tokony hanemorana ny fifidianana

Kandidà miisa 16 amin' ny 36 amin'izao fotoana izao no miketrika ny hanemorana ny fifidianana, izay tokony hatao eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao. Ny kandidà Amiraly Didier Ratsiraka no anisan'ny mitarika ireto kandidà ireto, ho amin'izany fanemorana izany, voalaza fa hisy ny fanasoniavan'izy ireo izany anio ary hisy avy eo ny fametrahana azy eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na ny HCC. Ny antony anisan'ny hitakian'izy ireo izao fanemorana izao dia ny hoe mila hapetraka eto amin' ny firenena aloha ny tena fampihavanana, toy izany koa ny fanorenana eny ifotony. Asa aloha na hahazo fahafahampo eny Ambohidahy ireto kandidà 16 ireto na tsia satria ny fanemorana fifidianana izany dia noho ny antony tsy azo anoharana; ny fampihavanana sy ny fanorenana ifotony ve antony tsy azo anoharana? Dia ho hitantsika eon y tohin'ity raharaha ity.

***Isambilo***

Fifidianana

## Raikitra fa hitsidikan'Antsirabe Ravalo, kandidà N°25

Raikitra ary fantatra fa hitsidika an'Antsirabe ny filoha mpanorina ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sady kandidà ho filoham-pirenena laharana faha 25 dia ny filoha Marc Ravalomanana izany. Raha ny nambaran'ireo mpiakarakara ny fandraisana azy dia ny Sabotsy 15 Septambra izao no hidina ary hamarana ny Jobily faha 15 taon'ny Antoko Tim izy ireo, ao Antsirabe. Hisy ny hetsika maro ho fandraisana ity filoha mpanorina ny antoko sady kandidà ity amin'izany, amin'ny alalan'ny lanonam-pianakaviana sy fampisehoana isan-karazany ho fanamarihana io famaranana io. Andrasana moa araka izany ny fanampim-baovao manodidina izany ka ho tanterina eto ihany. Fa etsy andaniny izany dia miomana fatratra amin'ny fiatrehana ny fifidianana ny Antoko Tim amin'izao fotoana eto Antsirabe raha ny nambaran'Atoa Rakotondrasoa Patrick, filohan'ny DisTim Antsirabe voalohany. Tsy vao izao fa efa hatramin'ny nandrafetana ny lisim-pifidianana no efa nanomboka io fiomanana io tamin'ny alalan'ny fanamarinana ny lisim-pifidianana isan-karazany ho an'ireo mpikambana sy ny fampidirana ireo tsy tafiditra tamin'izany satria efa tamin'izany no tsinjo fa efa nisy ny ambadimbadika nanilihana ireo olona sasany izay tsy tafiditra tamin'ny fifidianana ny taona 2013 farany iny. Raha ny fantatra ary dia misy ny fidinana ifotony indray amin'izao fotoana ka nanavaozana sy nanatsarana ny rafitra ifotony dia ny fokoTim isam-pokontany izany. Tsy nisy moa raha ny fanazavana ny fanesorana olona fa fanatevenana aza no natao raha ny fanazavana. Na izany kosa aza dia nisy ireo olona voatery nosoloina nohon'ny tsy fahafahan'izy ireo mitarika ny mpikambana intsony sy ny andraikitra hafa mamamtotra azy. Nambaran'ity mpitarika ity fa tsy nanaitra azy ireo akory ny fanangonan'olona nataon'ny kandidà sasany tao Vakinankaratra tao, izay nitaomana olona avy any an-toeran-kafa sy nizarana vola satria ny azy ireo dia olona efa resy lahatra amin'ny fampandrosoana nataon'ny filoha Ravalomanana no miaraka amin'izy ireo ary olona efa afaka mifidy fa tsy mpijery fampisehoana ranofotsiny sy mpitady vola akory. Efa miroso amin'ny fanomanana tanteraka mo aizy ireo ary hivonona handray ity kandidà laharana faha 25 ity.

***Lezama***

TONONKALO

### ALEO HANDEHA RATANALAHY

Aza marary fo amin-dRatanalahy
Fa tsaraina amin`ny masony anie ny haratsiany!
Tsy menatra hivadika imaso fa sahy,
Ary vola dia ampy hampivily ny diany.

Aza marary fo amin-dRatanalahy,
F`izy anie sioka tokana dia miova loko.
Hainka misy mpitsabo efa lany fanahy
Ka mamorika nefa lazaina ho "Radoko" !

Aza marary fo amin-dRatanalahy
Fa safidiny ny hiara-dia amin`ny foza.
Aza mihemotra isika , reseo ny ahiahy
F`efa lasa ny ratsy , efa dify ny loza.

Aza marary fo amin-dRatanalahy
`Zay nanjohy irony dian`iretsy malaso,
F`isika efa manana tana-mitahy
Ka tsy mila botrefona sy monto maso.

***DADAN`i ZINA (04-09-18)***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Misaina R**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fanolorana fitaovana ny RF2 teny Ambohimanarina boriborintany faha 6 nataon'ny ONG Positive Planète.**









LALAO ASIEF 2018

## Vonona ny ekipan'i Vakinankaratra

Vonona tanteraka amin'ny fiatrehana ilay lalao ara-panatanjahan-tena iraisan'ny mpiasam-panjakana ny solontenan'i Vakinankaratra ary niainga teto Antsirabe hiatrika izany izy ireo. Raha tsiahivina dia miisa 38 ireo sampandraharaham-panjakana misy eto Vakinan- karatra ka isan'izany ny fahasalamana, mpitandro filaminana, DRAE, MFB, ACMIL, JIRAMA, DRJS , DRAP no mpandray anjara ny fifaninanana Rejionaly ASIEF 2018 (association Sportive Interministérielle d'Entretien des Fonctionnaires) eto Antsirabe ary any Toamasina ny famaranana ho an'ny fifaninanam-pirenena. Ahitana ny taranja "Basket-ball", "foot-ball", ary ny "pétanque" izay nanomboka ny 01 Septambra ary hifarana ny 07 Septambra izao. Efa vonona tanteraka ireo mpilalao nisolotena ny eto Vakinankaratra ny hiatrika izao fanatanjahan-tena ny sa-my mpiasam-panjakana izao. Nialoha ny hiaingana dia nisy ny lalao nifanaovana ka tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy izao lalao ara-pirahalahiana ataon'ny sampana Rezionaly teto ny andron'ny 31 aogositra lasa teo tao amin'ny kianjampilalaovana basket ny Faritra no nanatanterahana ny fanokafana. Nambaran-dRamatoa Prefet fa izao no natao dia ny hanamafisana ny firaisankina ny mpiasam-panjakana rehetra eto Vakinankaratra ary hanamafisana ny asa fanao andavanandron'ny tsirairay mba ho hafaliana hatrany no hanatanterahana izany. Taloha dia ASOIMI no ni- antsoana ity lalao ity, ary ankehitriny dia niova ho ASIEF izay nanomana lalao ara-panatanjahantena andraisan'ireo sampandraharam-panjakana rehetra misy eto Vakinankaratra. Maro ireo sampana tsy mahafeno ekipa iray ka miditra any amin'ny sampana hafa. Fanombohana ihany no ataon' ny ASIEF vaovao ity fa amin' ny taona 2019 dia hanao tsara hatrany hisitrahana any amin' ny fifaninanana nasionaly ireo ekipa aty amin'ny faritra. Aorian' ity dia efa manomana ny ekipan'i Vakinankaratra hilalao any amin'ny sehatra nasionaly izay ho tanterahana any Toamasina ny 25 septambra ka hatramin'ny 05 oktobra. Mandray fepetra manoloana izany ny avy ao amin'ny biraon'ny ASIEF mba hisian'ny firahalahiana eo amin'ny samy mpiasam-panjakana, ary izy ireo ihany no afaka mandray anjara.

***Solohery***

## Sakafo Ny Valosoa



Laoka tsotra mety tsara ho an'ireo mifady hena sy voatabia indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin' ny gazetinao androany. Anandrano sy atody izany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana ihany miaraka aminy.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana rivotra ao amin'ny kibo

Fomba fanalana rivotra ao amin'ny kibo , vavony , tsinay, indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina : 1 vera rano mangatsika amin'ny robinet, 1/2 sotro kely bicarbonate, 2 sotro lehibe jus- na voasarimakirana. Afangaro ireo dia sotroinao amin'ny fotoana rehetra izay mampisy rivotra anao.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ambanja any amin'ny faritra Diana

Ny tanànan'Ambanja any amin'ny faritra Diana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ny tanànan'Ambanja dia kaominina an-drenivohitra. Amin'ny lalam-pirenena faha-6 (RN 6) no misy azy. Lalovan'ny reniranon'i Sambirano izy. 500 km avaratr'Antananarivo no misy azy raha araka ny fisidinan'ny vorona, ary 220 km miala an'Antsiranana amin'ny arabe RN 6. Manana seranam-piaramanidina Ambanja, ampisaina amin'ny sidina anatiny. Mampalaza azy ny voly cacao, ny kafe, ny akondro, ny lavanila, ny dipoavatra, ny fary, ny voamanga, ny paraky, ny mangahazo ary ny Ylang-Ylang. Avy any Ambanja no fiampitana mankany amin'ny Nosy-Be.



## NY TENY FIAINANA

*I Tesaloniana 5: 5*

*Fa hianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro; tsy an'ny alina na an'ny maizina isika.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Hihaona amin'ny vahoakan'Antsirabe i Dada N°25 ny 15 septambra izao



**Tanora Mendrika Antsirabe :** ny 15 septambra 2018 ho avy izao dia hankalaza sy hamarana ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) isika eto Antsirabe. io fotoana io moa dia hiarahantsika amin'ny filoha Marc Ravalomanana. Ny toerana dia eo anoloan'ny Gara Antsirabe. Ampitampitao dia tongava maro. Ny fanentanana sy ny vaovao mahakasika anio dia arahintsika eto sy ao amin'ny radio Mbs 95.4 eto Vakinankaratra.

**Tahina Rakotoniaina :** ok merci, ho avy izahay ary ho tonga maro tokoa, tsy ho latsa-danja noho i Toamasina sy Antananarivo ny eto Antsirabe.

**Saholy Nounousse :** Ok, ho avy maro tokoa izahay e !

**Tantely Hasina Andriamboavonjy :** mrc, ho avy marobe tokoa izahay e, tsy ho latsa-danja noho ny renivohitra ara-toekarena sy ny Renivohitr'i Madagasikara Antsirabe e!

**Narindra Rakotondrazafy :** Ao fa ho avy eee, hataontsika hipoka ny manoloana ny Gara, tsy misy artista, tsy misy fizaram-bola fa fitiavana no hanesika ho avy e!

**Joelisoa Andriamanampisoa :** Tsy misy fizarana vola @ io fa fitiavana azy no handehanatsika eny, 1er tour dia vita no tanjona.

**Constant Orelien Dahy :** Ok, ho avy maro izahay e ! ho avy amin'ny fitiavana an'i Dada n° 25 e! tsy artista no hojerenay amin'io fotoana io fa ny kandidànay dia ny Filoha Marc Ravalomanana N° 25 e!

**Nanie Ramaherizo Haingoniony Nanie :** Ok, hataontsika mipoaka be koa ny eto Bira, 1er tour dia vita io e !

**Henintsoa Rasitrakiniaina :** Ok, marina izany, 1er tour dia vita no tanjona e! Hafa fony izy mbola tsy teto tamin'ny 2013, mino aho fa amin'izy efa eto izao, 1er tour tokoa io dia ho vitan'ny Filoha Marc Ravalomanana. 25 forever, ok!

**Richard Randriamanjato :** sur nama, hataontsika mipoaka be koa io hetsika fihaonana amin'i Dada N°25 eto Antsirabe io.

**Laurence Rakotomamonjy :** ok... hiombom-po aminareo Bira ooo!

**Natacha Sasa :** 1er tour de vita, tsy misy fizaram-bola, tsy misy artista. Ho tonga maro Antsirabe sy ny manodidina.

**Jeannot Randrianjanahary :** ok, hanao metimety kokoa no ny teo Mahamasina sy ny tany Toamasina Antsirabe amin'io fotoana io.

**Djidji Ambrov Randrianarivelo :** De Inona moa izany fa ts ny fotoana no andrasan e, ny fanentanana ho antsika mpanohana sy mpankafy de zao, aleo hasehontsika fa mbol Izy no andrasan eo amin'ny fitondrana de tsy mila vola sy tambazana fa fitiavana ary tsy mila artistes fa mameno tanànan'Antsirabe mba hampangorovitsika ny momba ny foza de ny Bénin' tanàna ingahy tanalahy Paul Razanakolona, mpiara-dia amin'ny mpanongampanjakana e!

**Andriamiarisoa Rakotovahoaka :** eto vao hita hoe ho feno iny avenue iny, soa aho fa any @io, tongava soa ny andro malaza e, soa ho azony andro aby antsika ra olo.

**Parsonnette Josiane Andrianantoanina :** Ok tsy misy 25 mille na 50 mille zaraina fa tena fitiavana an'i Dada sy Neny, tongava maro o !

**Aïna Brayan :** Ok, 1er tour dia vita ihany ny antsika no tanjona, ho avy isika hanohana an'i Dada kandidà N°25.

**Angelin Angelin :** ok, tsy ataontsika ho gisitra Antsirabe, fa ho lohany miohatra amin'i Toamasina sy Antananarivo. Hihorohoro ny mpanongampanjakana Andry Rajoelina, sy Ra-Mpampiesona Hery Rajaonarimampianina.

**Judith Rarivoson :** hasehontsika eto Antsirabe fa isika no tena lahimatoan'i Dada, noho ny tombontsoa azon'Antsirabe sy ny manodidina amin'ny orinasa najoron'ny Filoha Marc Ravalomanana dia AAA-TIKO.

**Alfred Rijaniaina :** 1er tour dia ho vita e! ho hipoka olona ny arabe manoloana ny Garan'Antsirabe rehetra iny amin'io.

**Clement Andriamisaina :** raha eto Antsirabe, 80% any ho any ny Filoha Marc Ravalomanana fara-fahakeliny.

---

**ONN**

# Nanome fiofanana ny mpiasan'ny CUA momba ny fanjarian-tsakafo

Nomen-dry zareo avy ao amin'ny ONN (Office National de Nutrition) fampiofanana momban'ny fanjarian-tsakafo ireo mpiasa avy ao amin'ny Departemanta misahana ny asa sosialy sy ireo « agents sociaux » izay mpiantsehatra eny anivon'ny vahoaka ifotony manerana ny Boriboritany enina amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny herinandro teo, teny amin'ny BMH Isotry. Maro ny fampianarana izay azon' ireo mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra nandritra izany fiofanana izany toy ny : fomba fitantanana, fikarakarana, fanajariana sy ny fomba fihinanana sakafo ara-pahasalamana tsy mila handaniana vola be. Araka ny nambaran' ny Talen'ny Departemanta misahana ny asa sosialy avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Dr Andriantseheno Prisca dia natao izao fiofanana izao mba ho fanatanterahana ny Vinan'ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Betsaka hoy izy ny sakafo very sy ariana fotsiny eto an-dRenivohitra kanefa dia maro ihany koa ireo olona tsy misakafo. Hisy araka izany ny fijerena manokana ireo fomba izay ahafahana hanodina ireo sakafo ireo mba ho lasa azo ampiasaina indray, ho an'ireo izay tsy ampy izany, tamin'ny alalan'ny fiarahamiasa tamin'ny ONN. Ireto mpiasan'ny Kaominina vao avy nandray ny fiofanana ireto dia hidina ifotony indray, hizara izany traikefany mahakasika ny fanjarian-tsakafo sy ny fomba fihinanana sakafo ara-dalàna izany, eny anivon'ny fiarahamonina.



*Ny fanofanana nomen'ny ONN tetsy amin'ny BMH Isotry.*

**Aly**

---

**RF2 sy AUE Boriboritany faha-6**

# Nahazo fitaovana samy hafa avy amin'ny ONG Positive Planète

Nahazo fitaovana ho entimiasa avy amin'ny ONG na ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana Positive Planète, ireo mpanadio tanàna avy amin'ny RF2 na ny Rafitra Fanadiovana sy Fidiovana, sy ny AUE na ny fikamban' ireo mpitantana ny rano ao amin'ny Boriboritany faha-6 Antananarivo Renivohitra (CUA). Ny talata teo, teny amin'ny biraon'ny Fokotany Antanety Avaratra, Boriboritany faha-6 Antanana rivo Renivohitra no natao izany lanonana izany. FItaovana samy hafa ho fanadiovana tanàna no natolotra tamin'izany, toy ny : borety, kifafa, pelle, rateau, akanjo, maska, sy ny maro hafa,... Niatrika ny fotoana ny delegen'ny Boriboritany faha-6 Fehizoro Andriamananjezika, ny mpandrindra ny tetikasa Positive Planète, Fanja Rakotoharosoa, ary ny solontenan'ny CUA foibe, Josias Rasolondraibe, izay nisolotena ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana. Izao tetikasa izao dia ao anatin'ny tetikasa Fako Tanà iarahana amin'ny Positive Planète ho fanadiovana ny lalan-kely sy tatatra sy ny ma-ro hafa eny anivon'ny Fokontany. Fokontany 5 amin' ny 31 no misitraka izany ao amin' ny Boriboritany faha-6, araka ny fanazavana nataon'ny solontenan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Reni- vohitra, avy amin'ny GRC, na ny mpitantana ny loza voajanahary ao amin'ny CUA, Josias Rasolondraibe. Nilaza kosa ny mpandrindra ny tetikasa Positive Planète Fanja Rakotoharosoa, fa tsy ao amin'ny Boriboritany faha-6 ihany no anaovan'izy ireo asa sosialy fanampiana ny RF 2 sy ny AUE izao fa miparitaka amin'ny Boriboritany 6 izany. Ankoatra ny fanolorana fitaova- na, misy koa ny fiahiana ara-pahasalamana atao-ny amin'ireo mpikamba-na amin' ny RF 2 sy ny AUE miaramiasa aminy.



**Aly**

---

**Baolina lavalava**

# Natolotry ny USCAR ny ben'ny tanàna ny amboara azony

Tonga nanolotra ny amboara "Super Coupe Analamanga" ho an'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomana ny talata teo ny Ekipan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra mpilalao ny Baolina Lavalava na ny USCAR (Union Sportive de la Commune d'Antananarivo Rugby), tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely . Ny anton'izao fanolorana izao dia nohon'ny fandresen'ny ekipa USCAR ny alahady lasa teo izay nahazoany ny amboara "Super Coupe Analamanga" ; hetsika nokarakarain'ny fikambanana TAMBOBOHOBE sy ny CUA. Nanambara ny Ben' ny Tanàna Lalao Ravalomanana fa heninkaja sy heni-bo ninahitra ny kaominina Antananarivo Renivohitra amin' izao fandresenan'ny Uscar izao ary maniry hatrany izy mba hatanjaka kokoa noho izao ny ekipa . Nankahery sy nankasitraka ihany koa izy tamin'ny ezaka izay nataon'ny ekipa ary mbola nitsodrano azy ireo amin'ny Lalao izay hataony amin'ny manaraka, izay hotanterahina ny 31 septambra ho avy izao hiadana ny "coupe de MADA". Tsy adi-no ihany koa ny nanamafy hatrany ny fanamafisana ny fitondran-tenan'ny ekipan'ny USCAR izay ahitana mpilalao miisa 44. Marihana fa efa nahazo ny "champion Analamanga " ny ekipan'ny kaominina Antananarivo ireto, talohan'ny nahazoana ity "Super coupe Analamanga " ity.

**Lita**

CUA SY TETIKASA FAKO TANÀ

## Nanolotra fitaovana ny RF2 fokontany Andranomanalina

Notanterahina omaly teny amin'ny Fokontany Andranomanalina afovoany ny lanonana fanolorana fitaovana ho an'ireo RF2 (Rafitra Fikojana ny Rano sy ny Fanadiovana) teny anivon'ity Fokontany ity. Andranomanalina Afovoany, Boriboritany voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) indray izany no fokontany faha-3 voasafidin'ny ONG Positive Planète hisitraka ny tantsoroka avy amin'ny alalan'ny tetik'asa « Fako Tana » izay novatsian'ny AFD, Fondation Suez, Fondation Positive Planète Internationale ary ny Région Ile de France vola. Ny tanjon'ny tetik'asa « Fako Tana » dia ny fanomezana tantsoroka ireo RF2 eny anivon'ny fokontany mba ho fanatsaran'izy ireo ny asa fanangonana sy ny



fanodinana ny fako eto an-dRenivohitra, ny fiahiana ara-tsosialin'ireo mponina marefo izay mpiantsehatra eo amin'ny lafiny fanadiovana, eo ihany koa ny tantsoroka ara-tsosialy sy ara-ekonomika ny mponina. Maharitra 3 taona ny tetik'asa, izay efa nanomboka tamin'ny volana Aogositra 2017 ary Fokontany 30 eo no hisitraka izany, ny 13 amin'ireo Fokontany ireo dia avy ao amin'ny Boriboritany Voalohany avokoa. Nizara telo lehibe ny fitaovana natolotr'ireto ONG ireto dia ny fitaovana fanangonana fako sy fanadiovana tanàna toy ny borety, angady, kifafa, ... teo ihany koa ny fitaovana fiarovana ho an'ireo mpanadio toy ny « gants », « casques », « combinaisons », aron'ankanjo, tampim-bava, ... ary teo ihany koa ny fitaovana izay ho entina miasa amin'ny andavanandro toy ny « cahiers », « stylos », kitapo, T-shirts, ... Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Fokontany dia efa an-taonany maro no tsy nisy namatsy fitaovana toy izao ny Fokontany araka izany dia nanome toky izy ireo ny hanatsara ny asan'izy ireo. Anisan'ny olana eto an-dRenivohitra ny fanangonana fako ary izay indrindra no mahatonga ny tetik'asa «Fako Tana» hanao ny tantsoroka toy izao mba ho entina hanohanana ireo mpiantsehatra amin'ny fanadiovana ny Tanàna. Mbola hitohy hatrany ny tantsoroka ho an'ireo Fokontany hafa eto an-dRenivohitra.

***Aly***

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Manome cours maimaimpoana ireo mpanala bacc ihany koa

Hanomana cours maimaimpoana hoentina hanampiana ireo mpianatra haka ny fanadinana baccalauréat ihany koa ny boriboritany faha-2 eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izany dia hatao eny amin'ny sekoly Saint Laurent Ambohimanoro no hanatontosana azy araka ny fanazavan'ny delegen'ny boriboritany faha-2, Razafindraibe Jacques. Nambarany taminʼizany fa araka ny toromarika sy ny vinan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ezaka atao'ny CUA koa ny fanampiana ny tanora, indrindra ny fanampiana azy ireo eo amin'ny lafiny fahalalana, mba hananana tanora vanona ho reharehan'ny firenena atsy ho atsy. Maimaimpoana ny fampianarana, ny taratasy fanamarinam-ponenana no takiana eo amin' ny fisoratana anarana, araka ny fanamarihana ihany izany nataon' ny delegen'ny Boriboritany faha-2.

***Aly***

Lalana Mahazoarivo-Antsirabe

## Tsy misy fikarakarana ataon'ny kaominina hatramin'izao

Saika ny lalana rehetra ao Antsirabe amin'izao fotoana no mampikaikaika ny mponina ao Antsirabe. Nifarana tamin'ny naha teo amin'ny fitondrana ny filoha ravalomanana moa ny fanamboaran-dalana tao Antsirabe ary ny fahasimbana no nisolo izany, satria dia iny lalambe migodana eo Vatofotsy iny sy ny araben'ny fahaleovan-tena iny sisa no mba tsara sy naharitra, satria ireny no namarana ny fanamboaran-dalana tamin 'izany. Amin'izao fotoana dia velon-taraina tanteraka amin'ny faharatsian'ny lalana ao Mahazoarivo ny mponina sy ny mpampiasa iny lalana iny. Efa antaonany maro moa no nisian'ny fampanantenana ny hanamboarana azy iny ary vao tsy ela fa nandritra ny fametrahana ny filohan'ny fitsrana Antsirabe dia mbola nanamafy izany ny Ben'ny tanana fa efa azo ny vola ary efa hanomboka ny fanamboarana izany, saingy hatramin'izao dia mbola katsaoka hatrany no hanamboaran'ny kaominina izany. Efa nisy mihitsy moa ny fidinana an-dalambe nataon'ny mponina ka nilanjan'izy ireo sora-baventy nanaitra ny mpitantana ny tananan'Antsirabe saingy mbola fampanantenana ihany aloha no azon'izy ireo. Voalaza moa fa efa azo hono ny vola tamin'ny Fer hanarenana io lalana io, hoy ny ben'ny tanana saingy koa mbola katsaoka ihany no hanotorana ilay lalana ka miteraka vovoka sy loto amin'ny manodidina izany. Ny ben'ny tanana rahateo moa efa tsy hita matetika ao Antsirabe intsony fa miketrika mafy ny hampandaniana ny kandidàn'izy ireo ka mitety an'I Vakinankaratra manazava ny IEM sy ny manodidina izany. Efa nahazo anaram-bositra indray momba ny fampiasana katsaoka indray moa ity Ben'ny tananan'Antsirabe ity amin'izao fotoana fa tsy misy ilay andraso eo intsony. Etsy andaniny moa dia nisy ihany ny fanamboandalana nataon'ny ingahy Andry rajoelina saingy kitoatoa sy tandrametaka ihany izany satria vao maika lavahina be ary vato sy fasika no hanotorana azy ary avy eo vao tsindriana godorao, izay azo antoka fa vonjitavan'andro ihany izany. Ataon'ny olona fihomehezana moa ity asa petatoko ataon'ny kandidàn'ny IEM ao Antsirabe ity, izay tsy araka ny fenitra tokoa ny fanaovana azy.

***Lezama***

Tovolahy navotan'ny menaka manokana

## Afaka niatrika fanadinana Bepc ihany

Iray volana talohan'ny fanadinana Bepc dia narary lava ity tovolahy ity. Rehefa tsy marary an-doha lava, dia fanina fotsiny izao ary tsy afaka manoratra sy miana-desona fa matory fotsiny sisa. Kivy ity tovolahy ity satria efa in-droa nanala fanadinana Bepc fa tsy afaka foana. Efa nikarakara vatana mihitsy aza fa tsy afaka foana fa misy sakana hono. Izao indray dia marary lava tsy afaka manala fanadinana akory ary kivy hatramin'ny ray aman-dreniny mihitsy. Tsy maintsy afaka aho nefa hoy ity tovolahy ity fa aleo hikarakara vatana aloha. Tamin'ny gazety no naha- fantarany ny nomeraon'i Jessica **03387 395 41** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato ka ny ampitso ihany dia nihaona izy mianadahy. Misy manao ankaso ianao hoy ity mpitsabo ity vantany vao nihaona izy mianadahy. Tsy ho afaka mihitsy ianao hoy izy fa aleo karakaraina. Nampisotroin' ity mpitsabo ity rano manokana aloha izy, avy eo dia notroriny tamin'ny menaka avy any ivelany ny lohany sy ny hatony ary nasainy miverina afaka herinandro. Gaga anefa ity tovolahy ity fa vao niala tao amin'ity mpitsabo ity monja izy dia nilaza fa maivamaivana sy sitrana avy hatrany. Tsy tonga akory ny herinandro dia niverina teny amin'ity mpitsabo ity izy ary nambaran'io mpitsabo io fa vao noraisiny dia foana ho azy ny ratsy satria manana hery manokana afaka manaisotra sy manasitrana ny aretina izy satria fony mbola zaza dia efa nanana io fanomezam-pahasoavana io ary nataony hikarakarana olo-na sy hitsaboana izay marary fa tsy natao hitadiavam-bola akory. Ni-aiky ilay tovolahy fa zava-dehibe ny nanatonany teny amin'i Jessica mpitsabo ary afaka nanala fanadinana tsara izy hatramin'ny alatsinainy teo. Tsy nisy intsony ny olana fa mora taminy avokoa ny laza adina ary matoky izy fa ho afaka Bepc amin' izay.

***Namana***

Kolontsaina

## Fantaro ny mpihira bà- gasy Razilinah

Ny mpihira RAZILINAH (1919 - 1967) dia anisan'ny mpanakanto malaza teto amintsika tamin'izany fotoana izany. Tsy misy tsy mahalala angamba raha izany Razilinah izany, indrindra ireo mpitendry gitara sy mpankafy bagasy saingy mety mbola vitsy no mahalala ny tantarany. Razilinah na Ranaivo Gilbert dia isan'ireo mpitendry mpialoha làlana nitondra ny bagasy an-gitara voalohany. Nisy ihany ny mpitendry gitara teo alohany toa andry Naka Rabemanantsoa, Rasamy Gitara sy ry Paul Ratianiarivo multi-instrumentiste tao amin'ny Troupe Jeannette saingy tena niavaka ny fomba fitendriny noho ny fampiasany « Tuning » CGDGBE ka nahafahany namoaka ny feona piano bagasy tamin'ny gitara. Io fomba famelomana gitara CGDGBE io na « Drop C » amin'ny teny teknika ilay antsoin'ny Malagasy hoe « réglage bagasy » na « accord gasy » na « «tendry gasy ». Tiana marihina kely fa tsy isika gasy akory no namorona an'io famelomana gitara io fa efa tamin'ny taonjato faha-17 tany no nisiany tany ivelany saingy io no tena ahafahana manenjika ny feona piano amin'ny gitara. Tsy io réglage io koa no atao hoe bagasy, na izay hira tendrena aminy fa ilay gadona mihitsy. Raha hazavaina tsotsotra ny gadona bagasy dia ilay refin-kira misy paika 12 izay mizara sokajy 3 dia ny (5+7/8), (7+5/8) ary (6+6/8), ka mbola miseho amin'ny endrika 12 ireo rehefa zaraina (Subdivision). Tsy hiditra lalina amin'iny aho fa aleo tohizina ny tantarany. Tany amin'ny taona 30 tany Razilinah no efa namoron-kira sy nitendry gitara teny ambony tamboho teny, ary azo lazaina fa mbola mpihira «underground » izy tamin'izany. Maro anefa ny olona no nankafy ny sanganasany ka nandrisika azy mba handefa ny hirany tany amin'ny radio. Rehefa nampiditra ny hirany tao amin'ny radio nasionaly Razilinah no nanomboka niakatra ny lazany ka lasa nandray anjara matetika tamin'ireo lanonana samihafa sy karazana fampisehoana an-tsehatra, sady maro rahateo ny olona no liana tamin'ny talentany. Tamin'ny taona 60 tany no tena nampalaza be azy, ka tsy vitsy ny bandy mpitendry gitara no nianatra ny fomba fitendriny. Mbola maro ny mpanankanto andrarezin'ny bagasy ankehitriny no mamelona ny hiran-dRazilinah raha tsy hilaza afa-tsy Erick Manana isika.

***Aly***




***Ny mpihira bà- gasy tamin'ny fotoan'androny Razilinah.***

Fort Dauphin Cisco

## Milamina ny fanadinana BEPC

Miatrika ny fanadinana Bepc ireo mpiadina Bepc any amin'ny Cisco Fort Dauphin. 3016 no voasoratra anarana, ny 152 amin'ireo no tsy tonga, izany hoe 2867 no mandray anjara. Tao amin'ny Lycée Pôle no nifamotoana ireo mpiadina ireo. 13 ny zandriny indrindra ary 25 taona ny zokiny indrindra. Miparitaka amin'ireo foibe-panadinana miisa 08. Tsy nisy ny sakantsakana. Ireo mpitandro filaminana, manome toky hiantoka ny filaminana. Na malaza amin'ny malaso aza ny any Betroka sy Amboasary Atsimo, voalaza fa tsy nahitana olana. Marihina fa tao amin'ny fari-piadidiam-pampianarana Fort Dauphin, tsy nitokona ireo sendikan'ny mpampianatra fa namita ny fandaharam-pianarana.

***Mangarahara***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**1/09/18 hatramin'ny 8/09/18**

- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/ 020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/ 020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/ 032 04 090 54
- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 810-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AMBOHIMAHASOA

## Miaro ny sahan-driaka ireo mpitrandraka ala sy mpanao saribao

Isan'ireo faritra mpitetika ala ka mamokatra hazo sy arina na saribao fandrehitra sy distrikan'Ambohimahasoa Faritra Matsiatra ambony. An-taoniny maro isan'andro ny hazo sy arina fandrehitra mivoaka ity faritra ity, ny renivotr'i Madagasikara no tena manjifa izany. Ankoatry ny mpambongady manangona ny arina, manararaotra mitondra ihany koa ireo mpifamoivoy amin'ny lalampirenena faha-7 iny mitondra . Ny arina manokana dia manodidina ny 7000 ka hatramin'ny 8000 ariary ny gony. Fiantraikan'ny fandripahana be loatra ny ala amin'iny faritra iny , miha-ritra ny rano ilaina amin'ny famokarana sy hosotroina. Noho izay antony izay, nisy ny fiaraha-mientana natao'ireo mpitrandraka ara-dalàna ny ala any amin'iny faritra iny fambolena zanakazo tamin' ny velarantany 2 hekitara tao Isaha manamorona ny sahan-driaka, mamatsy rano fisotro madio ao Ambohimahasoa, ho entina hiarovana izany. Vina mialohan'ny maintany ny hanaovan' izy ireo aro afo.


*Saribao, anisan'ny vokatry ny fitrandrahana ala any Ambohimahasoa.*

***Serge***

Ampanihy Andrefana

## Kitozan-tsokatra miisa 300 sy sokatra velona tratran'ny zandary

Sokatra vita kitoza miisa 300 mahery miampy sokatra velona vao ho vonoina no saron'ny Zandarimariam-pirenena ao amin'ny Kaompanian'Ampanihy-Andrefana faritra Atsimo Andrefana tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, tao amin'ny Fokontany Kilebory Kaominina Androka Distrikan' Ampanihy Andrefana. Niara- nisalahy tamin'ny fanatrarana ireto mpitondra kitozan-tsokatra sy sokatra antsokosoko ireto ny fokonolona amin'iny faritra iny, ny MNP (Madagascar National Park) any Tsimanampetsotsa ary ny Zandarimariam-pirenena. Fanomezam-baovao avy amin'ny fokonolona tsara sitrapo no nahatratrarana ireo mpanao ratsy, 2 tamin'izy ireo no tratra fa ny 6 kosa afaka nandositra. Araka ny fantatra, hamidy 500 Ar ny singany iray amin'ireo kitoza any Ampanihy Andrefana rehefa nentina dia an-tongotra nahatratra hatramin'ny 200 km. Nilaza ireo jiolahy tratra fa kere izy ireo, izay no antony nanaovany izao asa fivarotana sy fakana antsokosoko kitozan-tsokatra sy sokatra izao.

***Ny Valosoa***



Tranga

## Tsena may, tsy nisy azo noraisina ny entana namidy


Nidiran-doza indray ireo mpivarotra ao Tanambao Faradofay. Ny alin' ny alatsinainy teo, may ny tsena famarotan'ireo mpivarotra, sy ny magazay famarotan'ilay teratany karana (Bonne Chance). Niezaka niantso ny mpamonjy voina ny fokonolona saingy efa tratra aoriana vao tonga. Ny mpivarotra sasany mitondra ny entam-barony mody toy ny ma- hazatra no avotra tsy nisy voakasika. Ny toerana, may kila forehitra 100%. Tsy fifampikasohan'ny herinaratra akory no nahatonga ny afo. Fa araka ny nambaran'ny nanatri-maso dia andia-na tovolahy maromaro mpifoka jamala no na-havanon-doza. Amin'ity tsena Analakely ity ma-ntsy no misitrika ireo jiolahim-boto sy ireo mako- relina. Ny marainan'ny Talata ihany, tonga nijery ifotony ny loza ny ben'ny tanàna, Randrianaina Mamy Georges sy ny ekipany. Marihina fa tao anatin'ny 4 andro, haitrano 02 no nitranga tao amin'ny renivohitra Anô-sy. Vokatry ny tsy fitandremana sy ny hetra- ketrak'ireo tanoran'ny alina no mahatonga ny loza toy izao. Mila fanarahamaso.

***Mangarahara***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 250**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0249)

***Mitsivalana***
- Mahandro
- Eva – Mi
- Nono
- Jirama
- Anamamy
- Len(a) – Baby (Miv)
- Vano (Miv) – Osa

***Mitsangana***
- Mandalo
- Nen(y)
- Henjana
- Miova (Miv)
- Na – Ray
- Lambo
- RM – Mias(a)
- Anio – Bà (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 250




**Mitsivalana**

**1.** Mpanjono matihanina **2.** Mitempo **3.** Nizara roa – Tampisaka **4.** Sakoroka – Zava-maranitra (Miv) **5.** Fivadihanao **6.** Mpanoritra (Miv) – Kanto **7.** Volana malagasy **8.** Renintsoratra mitovy – Bibilava – Ila, iry **9.** Tsy aloha fa aoriana handatsa **10.** Entina manontany – Eo amin'ny fandriana

**Mitsangana**

**A.** Miakanjo – Onjam-peo nasionaly **B.** Tolonareo **D.** Tovano – Faran-teny **E.** Fanekena masina **F.** Kosa (Miv) – Maneho tantara tsy azo antoka **G.** Akatra – Anaty rano **H.** Naoty (Miv) – Mampisafidy – Masindahy **I.** Tanterahina **J.** Fiandohan'ny anatra – Heloka **K.** Azo tsara – Oroka

### Valiny Teny mifanaraka 0249

**Mitsivalana**

1 Saosisy – Ar 2. Sonia (Miv) – Siny 3. Nay – Adino 4. To – Ikaky 5. Aoriana – Al(a) 6. Tranga – Ota 7. Rà – Ao – Mi (Miv) 8. Aby – Sorena 9. Ady – Feo 10. Akondro – Ha

**Mitsangana**

A. Santatra B. Aia – Kabaro (Miv) D. Onitra – Ody (Miv) E. S.O – Anio (Miv) – Ny (Miv) F. Isa – Soga (Miv) G. Dina – R.F.O (Miv) H. Isika – Ireo I. Ina – Omeo J. Takona (Miv) K. Ry – Ilazàna

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana tany Imerintsiatosika omaly.





